

Commission Electorale Nationale Indépendante



CENI/SEA/DIREELCOM/SCRP- 008 -17

FAMPITAM-BAOVAO

Antananarivo 18 aprily 2017

Araka ny voalazan'ny andininy faha-30 ao amin'ny fehezan-dalàna mifehy ny fifidianana dia nofaranan'ny Vaomieram-pirenena Mahaleotena Misahana ny fifidianana ny Asabotsy 15 aprily lasa teo ny lisi-pifidianana 2016-2017. Raha 8 673 485 no isan'ireo mpifidy voasoratra anarana tamin'ny famaranana ny lisi-pifidianana tamin'ny taona 2016, mahatratra 9 222 918 no isan'ireo olom-pirenena voasoratra ao anaty lisi-pifidianana tamin'ny famaranana tanteraka ny lisi-pifidianana tamin'ny 15 aprily farany teo, izay manome taham-piakarana 6,33%, izany hoe nahitana fitomboana avo telo heny mihoatra tamin'ny RALE farany.

Marihina fa ny fisoratana anarana anaty lisi-pifidianana dia nanomboka ny 1 desambra 2016 hatramin'ny 31 janoary 2017. Tao anatin'izany, 675 334 ireo mpifidy vaovao voasoratra. Ireo vokatra ireo dia noho ny ezaka izay nataon'ny CENI sy ireo rantsamangaikany ary koa ireo mpisehatra hafa amin'ny fifidianana toy ny filoham-pokontany sy ireo ratsamangaikan'ny Ministeran'ny Atitany sy ny Fitsinjaram-pahefana, ireo haino aman-jery na nasionaly na avy amin'ny faritra samihafa . Anisany tombony tamin'izany ny fanatanterahana ny lanonana fanokafana tamin'ny fomba ofisialy ny fanavaozana ny lisi-pifidianana izay natao tany Toliara ka nanaovana fanentanana manokana, indrindra ho an'ireo vehivavy sy ny tanora. Ny fanaraha-maso nataon'ny CENI isaky ny Vaomieram-pifidianana eny anivon'ny Distrika na CED ihany koa dia zava-dehibe sy nanampy tosika tao amin'ny fanatanterahana ity RALE 2016-2017 ity.

Tamin'ireo Distrika 119 misy eto Madagasikara, ny Distrikan'Ihosa no nahitana salan'isa ambony indrindra izay nahitana taham-piakarana 17,96%. Mpifidy miisa 100 869 no voasoratra raha 85 510 kosa izany tamin'ny taon-dasa. Ny Distrikan'Ambovombe kosa no manarakaraka azy izay nahitana taham-piakarana 16,78%. Hanolotra mari-pankasitrahana ireo Distrika izay mendrika ny CENI.

Mbola fanamby mipetraka ho an'ny CENI hatreto ny hahatratra olom-pirenena mpifidy folo tapitrisa voasoratra anarana ao anaty lisitry ny mpifidy hatramin'ny taona

2018. Araka izany, mbola maro ny ezaka horaisin'ny CENI an-tànana mba hahafahana miantoka fifidianana izay andraisan'ny rehetra anjara.

Ao anatin'ny fanatrarana ny vina izay napetrany "Fitantanana fifidianana azo antoka sy ara-demokratika" ihany, nampiantrano ny fivoriana voalohan' ilay vaomiera fakan-kevitra izay handinika sy hanolotra tolo-kevitra hanatsarana ny didy aman-dalana mifehy ny fifidianana ny CENI androany 18 aprily. Io vaomiera io izay napetraky ny didim-panjakana laharana 2017-200 tamin'ny 28 martsa 2017.

Commission Electorale Nationale Indépendante



COMMUNIQUE DE PRESSE

Antananarivo 18 avril 2017

La Commission Electorale Nationale Indépendante (CENI) – selon la disposition de l'article 30 du Code Electoral- a procédé à l'arrêtage définitif de la Révision Annuelle de la Liste Electorale (RALE) 2016-2017 le samedi 15 avril dernier. Par rapport à la RALE 2015-2016 qui a enregistré 8 673 485 à la clôture définitive, le nombre d'électeurs inscrits sur la liste électorale est désormais de 9 222 918 après l'arrêtage définitif précité, ce qui équivaut à une augmentation de 6,33%, soit trois fois plus que le taux enregistré pendant la RALE précédente.

L'inscription sur la liste électorale s'étant déroulée du 1^{er} décembre 2016 au 31 janvier 2017 (cf. art. 26 du Code Electoral), 675 334 nouveaux électeurs sont inscrits sur la liste électorale. Des résultats satisfaisants qui font suite aux efforts conjugués fournis par la CENI, ses démembrements ainsi que par les parties prenantes aux élections, notamment les chefs Fokontany, les démembrements du Ministère de l'Intérieur et de la Décentralisation, les médias nationaux et locaux. La campagne de sensibilisation effectuée lors de l'ouverture officielle de la RALE 2016-2017 à Tuléar, les différents encadrements entrepris par la CENI au niveau des Commissions Electorales de District (CED) ont aussi contribué à ce bon résultat.

Parmi les 119 Districts de la Grande île, le District d'Ihoso a connu un taux d'augmentation conséquent de 17,96%, soit 100 869 électeurs (2017) contre 85 510 électeurs inscrits en 2016. Un palmarès suivi de près par le District d'Ambovombe avec 16,78%. Les Districts ayant obtenu les meilleurs taux d'augmentation recevront de la part de la CENI des attestations de reconnaissance.

L'objectif de la CENI d'atteindre les 10 millions d'électeurs inscrits sur la liste électorale jusqu'en 2018 reste cependant un vif challenge. Elle prévoit ainsi de mobiliser tous les efforts possibles afin de garantir des élections inclusives, dont la liste électorale s'avère être le premier pilier.

Dans la même foulée, en vue de la réalisation de sa vision « Gouvernance Electorale crédible et démocratique », la CENI a accueilli ce mardi 18 avril la première réunion de la « Commission consultative de réflexion et de proposition sur l'encadrement juridique du processus électoral malagasy » qui a été mise en place suivant le décret n°2017-200 du 28 mars 2017.